


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Ny Fandaharan'Andriamanitra ho amin'ny Fahamatorana

Andeha isika hiezaka ho amin'ny fahamatorana



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Derek Prince

Ao amin’ny fandaharan’Andriamanitra, dia misy fepetra roa lehibe mba ahatongavana amin’ny fahamatorana. Voalohany, dia tsy maintsy tonga eo ambany fifehezan’ny asa fanompoana nomen’Andriamanitra nosoratan’i Paoly ao amin’ny Efesiana 4:11 isika:

- Apostoly,
- Mpaminany,
- Evanjelista,
- Mpiandry, ary,
- Mpampianatra.

Raha tsy misy ny fifehezana, ny fandrindrana, ary ny toromarik’izy ireo, dia tsy hitako izay hahatonga ny vahoakan’Andriamanitra ho matotra. Tsy mba nanao famatsiana tsy zava-dehibe mihitsy i Jesosy Kristy, ary tsy manavaka izany. Mino aho fa tena ilaina izany. Ny fepetra faharoa dia ny tsy tokony hijanonana ho olona mitoka-monina; fa, tsy maintsy ho anisan’ny mitambatra amin’ny finoana mitombo.

> Avy eo, tao amin’io andalan-teny io ihany, i Paoly dia nilaza fomba hafa mampanontany tena. Raha tsy manaraka ny fandaharan’Andriamanitra amin’ny fahamatorana isika, dia izao no ho vokany:

“Mba tsy ho zaza intsony isika, ka ahilangilana sy ampitambolimbolenin’ny rivotry ny fampianarana samy hafa rehetra amin’ny saim-petsy ataon’ny olona sy ny fihendreny hahatanteraka ny hevitry ny famitahana.” (Efesiana 4:14). Raha tsy tonga eo ambanin’ireo asa fanompoana dimy ireo isika — raha tsy tonga anisan’ny tena ary manaiky izany fifehezana araka ny Soratra Masina izany isika — dia, mbola zaza ihany, araka ny voalazan’i Paoly. Isika dia “hitopatopa …, ka tsofin’ny rivotry ny fampianarana rehetra sy ny hafetsen’ny olona amin’ny teti-dratsiny”. Mahafantatra mpino maro be aho, mifanandrify amin'io famaritana io.

© 2008 - Dries Du Plessis

Isan-taona, dia manana lamaody vaovao izy ireo, foto-pampianarana vaovao, ary matetika mpampianatra vaovao hanome sy hampaharitra ilay lamaody. Tsy maintsy tonga eo ambany fifehezan’ny fanompoana araka an’Andriamanitra, sy miorina amin’ny Soratra Masina isika. Tokony ho anisan’ny fitambaran’ny tenan’ny mpino koa isika. Izay ihany no lalana mankany amin'ny fahamatorana.

Ahoana ianao? Eo ambany fifehezana ve ianao? Anisan'ny vatana ve ianao? Mandroso ho amin'ny fahamatorana ve ianao?

Misaotra Anao, Tompo ô, fa lanao no nitarika ahy handroso. Manambara aho fa tonga eo ambany fifehezana mba ho isan’ny vatana mitombo, satria te handroso ho amin’ny fahamatorana aho. Hiroso amin'ny fahamatorana aho,amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-312-MLG
Nohavaozina farany: 16 Nov 2026
Tranokala: Derekprince.com/mg/resources

